# Ilay Voa Tsara Nafafy 29 Mey 2018

**29** **Talata**
mey

**Izao no lazain'i Jehovah : … Fa Izaho kosa tsy mba manadino anao. Indro, efa vitako tombo-kavatsa eo am-pelatànako ianao.** Isaia 49. 8, 15, 16

**Aza matahotra ianao, fa efa nanavotra anao Aho ; efa niantso ny anaranao Aho, Ahy ianao.**
Isaia 43. 1

**Izaho tsy mba manadino anao**

Hoy Andriamanitra tamin'ny olony fahiny : „Henoy ny feoko, dia ho Andriamanitrareo Aho, ary ianareo ho oloko ka handeha amin'ny làlana rehetra nandidiako anareo, mba hahitanareo soa" (Jeremia 7. 23).

Saingy imbetsaka ny ankamaroan'io vahoaka io no tsy nankatò. Voatery Andriamanitra nanafay azy tam-pitiavana sy tam-pahendrena, nefa tsy nandao azy. Ankehitriny dia miantefa amin'izay olona mitoky amin'i Kristy ny teny fampanantenana hoe : „Izaho kosa tsy mba manadino anao. Indro, efa vitako tombo-kavatsa eo am-pelatànako ianao". Rehefa nitsangana tamin'ny maty tokoa mantsy Kristy, dia afaka nahita ny mariky ny fitiavany azy ireo ny mpianatra : mbola teny amin'ny tanany sy ny tongony noloahin'ny fantsika ny dian'ny ratra tamin'ny nanomboana Azy teo amin'ny hazofijaliana (Jaona 20. 27). Jesosy dia „voalefona noho ny fahadisoantsika sy notorotoroina noho ny helotsika" (Isaia 53. 5). Dia tsy hampiraika antsika ve ny fitiavana toy izany ?

Namirapiratra teo amin'ny hazofijaliana ny fitiavan'Andriamanitra, rehefa nitondra ny famaizana ny fahotantsika Jesosy. Tsy maintsy maty Izy mba hananan'ireo rehetra mino Azy zo ho tonga zanak'Andriamanitra (Jaona 1. 12). Koa tsy ho tafasaraka amin'izany fitiavany izany intsony, mandrakizay, ireo izay mandray an'i Kristy ho Mpamonjy azy manokana (Romana 8. 35). Rehefa mandalo zava-tsarotra izy ireo, na fahoriana, na fijaliana na hakiviana, dia mahafantatra fa tsy manadino azy ireo ny Tompo, ary manatanteraka izay rehetra nampanantenainy. „Hitaraina amin'Andriamanitra Avo Indrindra aho, dia amin'Andriamanitra Izay mahatanteraka ho ahy" (Salamo 57. 2).